FITSIPIKA IFAMPIFEHEZAN'NY ANTOKO MFM
(MPITOLONA HO AMIN'NY FANDROSOAN'I MADAGASIKARA)

I. NY ANTOKO

A. FIJOROANY

And.1. Antoko politika nateraky ny tolom-bahoaka ny Antoko MFM izay niorina teto Madagasikara tamin'ny 27 Desambra 1972 ary niasa ara-dalàna hatramin'ny 14 Marsa 1973 (Hitsivolana 6O-16O tamin'ny O3 Oktobra 196O.

And.2. Nanao fampielezan-kevitra tamin'ny anaran'ny MFT ny Antoko tamin'ny Desambra 1975, ary niasa araka ny didim-panjakana 77-322 (23 Septambra 1977) tao anatin'ny « Mandatehezam-pirenena miaro ny Tolom-piavotana » tamin'ny anarana MFM-MFT hatramin'ny 199O (Hitsivolana 76-OO3 tamin'ny 26 Marsa 1976 ary 77-O55 tamin'ny 17 Septambra 1977).

And.3. Antoko voafehin'ny hitsivolana 90-001(19 Marsa 1990) ny Antoko MFM ary manan-jo feno hitohy hiasa avy hatrany araka io hitsivolana 90-001 (19 Marsa 1990) voalaza io ny Antoko MFM

Atao hoe Antoko « Mpitolona ho amin'ny Fandrosoan'i Madagasikara » ny fanalavana ny anaran'ny Antoko MFM.

And.4. Tokana ny MFM ary tokana araka izany ny foibe toerany eto Antananarivo.

B. FANEVA SY FAMANTARANA MANOKANA

And.5. Saina mena misy ny famantarana manokana voalaza etsy ambany ny fanevan'ny MFM.
Famantarana manokana : Sary mibikan'olona, tapany ambony, miloko mainty, manangana totohondry havia ao anaty faritra bolan-tany ahitany fehibolan-tany, miaraka amin'ny soratra MFM sy NDAO !

II. TARIGETRAN'NY ANTOKO

And.6. Ny Antoko MFM dia :
- Mandrodana ny tsy refesi-mandidy sy fanapara-mpahefana amin'ny endriny rehetra ;
- Manongotra ny tsy rariny, ny taingim-bozona, ny fanampempoana sy izay rehetra fomba mitsivalana ny safidim-bahoaka ;
- Manangana fanjakana tan-dalana voafehin'ny sata Repoblikana miorina amin'ny safidim-bahoaka eto amin'ny tany sy ny firenena ;
- Misafidy ny fomba manaja ny zon'olombelona sy ny fahalalan'ny isambatan'olona tsirairay hatao fanoitra manafaingana ny fiarenana sy ny fisondrotan'i Madagasikara eo anivon'ny fandrosoan'izao tontolo izao ;
- Miara-miasa amin'ny herivelona sy fikambanana eto Madagasikara ho fanatanterahana ny tarigetra ijoroan'ny MFM.

And.7. Mahatakatra, mankato ary manantanteraka ny tarigetran'ny Antoko sy ny baikom-pitolomana araka ny fisehoan-javatra eo amin'ny sehatra itolomany sy ny fiainana andavan'andro ny mpikambana.
Miasa ho amin'ny fanitarana sy ny fanatevenan-daharana ny Antoko MFM izy.

A. FANDRAISANA HO MPIKAMBANA.

And.8. Manao an-taratasy ny firotsahany an-tsitrapo izay te ho mpikambana ato amin'ny Antoko MFM, araka ny fombafomba faritan'ny andininy faha-9.
Toy izany koa ny fialana tsy ho mpikambana ao amin'ny Antoko.

And.9. Olona fantatra sy voasedra tamin'ny asa nentanin'ny MFM tao anatin'ny Fikambanana, seha-pihariana na fiainam-bahoaka, na koa ambaratongam-pitondrana samihafa, no azo raisina ho mpikambana, araka izao fepetra izao :

- Ny fivoriamben'ny fototra na ny filankevi-paritra, na ny biraom-paritra no mitsara sy mankato ny firotsahana ho mpikambana vaovao ;
- Ny biraon'ny fototra miaraka amin'ny mpikambana roa mijoro ho mpiantoka no manolotra azy eo amin'ny fivoriambe ;
- Mandray ny karatra maha mpikambana azy ary mandoa ny saram-pirotsahana sy latsakemboka rehetra ny voaray ho mpikambana.

And.10. Manana ny zo feno aro anatin'ny Antoko MFM ny Mpikambana mahafeno ny fepetra voalazan'ny fitsipika.

B. KARATRA MAHA MPIKAMBANA.

And.11. Ny karatra navoakan'ny foiben'ny Antoko ihany no azo ampiasaina anamarinana ny maha mpikambana MFM.
Ny Birao mpanatanteraka ny Vondrona sy ny Birao foibe no mitantana izany.

And.12. Ny karatra voatomboka hanan-kery amin'ny vanim-potoana ampiasana azy no manamarina fa mpikambana MFM feno ny tompony amin'izay fotoana izay.
Tsy mahasolo ny taratasy fanendrena na fanomezam-pahefana ny karatra.
Mitondra taratasy fanamarinana avy amin'ny Vondrona MFM nialany ny mpikambana mifindra monina vao manan-kery ny karatra maha-mpikambana azy ao amin'ny Vondrona ifindrany.

D. **FITSARANA NY DISO**

And.13. Ny fivoriamben'ny fototra sy ny mpitarika Toko no mahazo mitsara ny mpikambana voampanga eo amin'ny fototra sy manao famaizana aminy.
Atao manaraka an'izany hatrany isaky ny ambaratongan'ny Antoko.

And.14. Manan-jo hiaro tena eo amin'ny fitsaran'ny Antoko ny mpikambana voampapanga ho nanao hadisoana. Roahina tsy ho mpikambana izay manao hadisoana lehibe tao amin'ny tolona na teo amin'ny Antoko. Raiketina amin'ny bokin'ny Antoko ary ampahafantarina ny ambaratonga rehetra hilana izany ny fandroahana.

And.15. Ampiharina ny famaizana aorian'ny fanamelohana ny voampanga, na rehefa mihenahena tsy mamaly ny fiampangana azy izy.

III. **NY AMBARATONGAM-PITONDRAN'NY ANTOKO.**

And.16. Ny Fototra, ny Toko, ny Vondrona, ny Faritra, ny Foibe, ny Vovonana ary ny Zaikabe no ambaratongam-pitondran'ny MFM.

A**. NY FOTOTRA**

And.17. Ny mpiara-mitolona miray petsapetsa anaty fokontany iray na vitsivitsy mifanila no mpikambana miara-miasa ao amin'ny Fototra.

And.18. Ireto avy no ambaratongam-pitondrana ao anatin'ny Fototra :
- Ny fivoriamben'ny mpikambana no filankevitry ny Fototra ;
- Ny biraon'ny Fototra no mpitarika sy mpandrindra ny asan'ny Antoko ao amin'ny Fototra.

And.19. Avaozina isan-telo taona ny biraon'ny mpitarika Fototra. Telo ka hatramin'ny valo no mpikambana ao aminy ka :
- Mpitari-draharaha iray,
- Mpitan-tsoratra iray,
- Mpitahiry fananana iray,
- Mpanolontsaina hatramin'ny dimy.

And.20. Mifidy olona roa ivelan'ny Birao ho mpanamarina ny kaonty sy ny fitantanana ny fototra.

And.21. Toavina isan-taona ao anaty fivoriambe ny mpikambana ny fitantanana ny birao.
Entin'ny birao ankatoavina amin'ny fivoriambe voalohany isan-taona ny tetibola ho entin'ny fototra miasa mandritra ny taona ho diavina.

And.22 Ny fitsipika an-tokantrano no mametra ny fivoriana an-koban'andro ataon'ny fivoriambe. Ny birao na ny atsasa-manilan'ny mpikambana no mahazo miantso fivoriana tsy ara-potoana.

B. **NY T O K O**

And.23. Fototra maromaro mifanila ao anatin'ny fivondronampokontany iray no iadidian'ny Toko.

And.24. Misy filankevitra sy birao mpanatanteraka ny Toko.
Mitovy fandaminana amin'ny biraon'ny Fototra ny biraon'ny Toko.

And.25. Ny mpitari-draharahan'ny Fototra ambany fiadidian'ny Toko miampy solontena iray ho fidian'ny fivoriamben'ny Fototra no mivory sy manapaka hevitra amin'ny filankevitry ny Toko.
Mitovy fahefana amin'ny fivoriamben'ny Fototra ny filankevitry ny Toko eo amin'ny faritra iadidiany.

D. NY VONDRONA

And.26. Ny fivondronampokontany no faritra iadidian'ny Vondrona MFM.
Mitovy ambaratonga sy fandaminana anatiny amin'ny Toko ny Vondrona.
Ny filankevitry ny Vondrona no any fahefana mametra ny boriboritany iadidian'ny Fototra sy Toko.

E. **NY FARITRA**

And.27. Ambaratonga miadidy izay fivondronampokontany nosoritan'ny Komity foibe iaraha-miasa no faritra MFM.

And.28. Manana filankevitra sy birao ny faritra MFM.

A,nd.29. Ny mpitari-draharahan'ny Vondrona iadidiany, miampy solontena voafidin'ny filankevitry ny Vondrona no mivory sy manapaka hevitra amin'ny filan-keviparitra.

And.3O. Olona telo fidian'ny filankeviparitra no ao amin'ny biraom-paritra. Izy no mitarika ny filankeviparitra.
Avaozina isaky ny efatra taona ny biraom-paritra.

F. **NY F O I B E**

And.31. Ny Foibe no handrindra ny tolon'ny MFM manerana an'i Madagasikara.

And.32. Telo ny ambaratongam-pahefana anatin'ny Foibe :
- Ny Filan-kevitra foibe,
- Ny komity Foibe,
- Ny Birao foibe.

Avaozina isaky ny efatra taona ny fanendrena ny ambaratongam-pifehezana ao anatin'ny Foibe.

And.33. NY FILANKEVITRA FOIBE
Ny fivoriana iarahan'ny biraom-paritra manerana an'i Madagasikara ambany fitarihan'ny birao foibe no filankevitra foibe.
Tapahan'ny fivorian'ny filankevitra foibe isan-taona ny soritrasan'ny Antoko ho fanatanterahana ny baikon'ny Vovonana mandritra ny taona.
Ny Filohan'ny Antoko no miantso ny fivoriana. Azon'ny Filohan'ny Antoko, rehefa neken'ny Komity foibe, no miantso fivorian'ny filankeviytra foibe tsy ara-potoana rehefa misy ilana azy.

And.34. NY KOMITY FOIBE

Solotena iray isam-paritra ankatoavina ao amin'ny filankevitra foibe no mpikambana ao amin'ny komity foibe.

Miara-miasa ao amin'ny Bieao foibe amin'ny fandrindrana ny tolona manerana an'i Madagasikara no sady tetezamita amin'ny fifandraisana amin'ny faritry ny Komity Foibe.
Izy no manapaka sy manara-maso ny tetibola entin'ny Foibe miara-miara isan-taona.

And.35. NY BIRAO FOIBE

Ny Filohan'ny Antoko ary ny mpandraharahan'ny Antoko, ny mpitahiry fananan'ny Antoko no Birao Foibe
.Ny Vovonana no manendry ny Birao Foibe isaky ny efatra taona.
Ny Filohan'ny Antoko no misolotena ny Antoko MFM eo anatrehan'ny ambaratongam-pahefana any ivelany.

G. NY VOVONANA

And.36. Ny biraon'ny Vondrona rehetra manerana an'i Madagasikara sy ny Biraom-paritra miara-mivory eo ambany fitarihan'ny Birao Foibe no Vovonana.

And.37. Manara-maso sy mitsara ny asan'ny Foibe araka ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Zaikabe sy ny fizotran'ny tolona ny Vovo,nana.

And.38. Mivory isan-taona ny Vovonana. Ny Filohan'ny Antoko no miantso azy.

H. NY ZAIKABE

And.39. Solotena iray ka hatramin'ny telo isaky ny Toko voatendry sy nahazo fahefana avy amin'ny mpiara-mitolona manerana ny Toàko nanao fivoriambe natokana ho amin'izany no miara-mivory sy manapa-kevitra ao amin'ny Zaikabe.

And.4O. Manao Zaikabe isaky ny enina taona ny MFM, Ny Filohan'ny Antoko, tao aorian'ny fanapahankevitry ny filakevitra foibe, no miantso azy.

And.41. Ny Zaikabe no ambaratongam-pitondrana ambony indrindra ao amin'ny MFM.

IV. **FEPETRA ANKAPOBENY**

And.42. Ankoatry ny latsakemboka fandoan'ny mpikambana isan-taona, dia izay voatanisan'ny hitsivolana 90-001, andininy faha-11 no fidiram-bola sy fananan'ny Antoko ho entiny miasa.
Ny fitsipika an-tokantrano nomandamina ny fitsinjarana sy fampiasana ny enti-manan'ny Antoko isaky ny ambaratongam-pitondrana.

And.43. Tsy mahazo manarakaraka ny herim-po sy fananana lany tamin'ny asan'ny MFM ny mpikambana voaroaka na niala.

And.44. Ny Vovonana na ny Zaikabe no mahazo manova an'ity fitsipika ity.
Ny fitsipika an-tokantrano isan'ambaratonga, ankatoavin'ny ambaratongam-pitondrana eo amboniny no mameno ity fitsipika fototra ity.

And.45. Ny teny malagasy ihany no manan-kery raha misy fifanolanana momba ny hevitra amin'ity fitsipika ifampifehezana ity.

And.46. Atolotra ho fananan'ny fikambanana izay tsarain'ny MFM fa mitovy tarigetra aminy ny fananan'ny Antoko raha tapaky ny Zaikabe ny fandravana ny MFM.

FEPETRA TETEZAMITA

And.47. Heritaona ny tetezamita.
Ny Birao foibe voatendrin'ny Vovonana faha-enina sy ny Foibe amperin'asa ankehitriny no manana fahefana hanatanteraka ny fametrahana ny ambaratongam-pitondran'ny Antoko MFM voalazan'ity fitsipika ity.